FANAVAOZANA TANTERAKA NY LISI-PIFIDIANANA

# Aoka halalaka ny antoko politika hanara-maso hoy Ravalo

Isambilo

***NANOMBOKA NY VOALOHAN'NY VOLANA OKTOBRA TEO NY FANAVAOZANA TANTERAKA NY LISI-PIFIDIANANA ETO AMINTSIKA, NISY NY FANMBARANA NATAON'NY FILOHAN'NY A NTOKO TIM, SADY FILOHAN'NY RODOBEN'NY MPANOHITRA RMDM MAHAKASIKA IZANY. AOKA HALALAKA NY ANTOKO POLITIKA REHETRA HANARA-MASO IZANY HOY NY FILOHA MARC RAVALOMANANA. NISY NY TENY NAMPITAINY HOY NY MPIKATROKA TIM SY RMDM MOMBA IZANY, HO AN'NY TOMPON'ANDRAIKITRY NY CENI ISAN'AMBARATONGANY ARY HO AN'NY TOMPON'ANDRAIKI-PANJAKANA.***

TIM

## TIAKO I MADAGASIKARA

Arrêté N° 22 828 2014; registre N° 161/2014 au Registre National des partis politiques

### FANAMBARANA SY FANENTANANA

Manomboka androany 01 oktobra ny fanisana ny Mpifidy manerana ny Nosy amin'ny Fanavaozana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy.Hamafisinay fa ny fananana Lisitrin'ny Mpifidy Feno sy madio no antoka hahafahantsika manatanteraka Fifidianana azo antoka sy hanome vokatra heken'ny rehetra. Manoloana ny mahazavadehibe izao Fanavaozana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy izao dia mitaona ny rehetra handray andraikitra sy hanara-dalàna izahay ka manao ireto fanambarana sy fanentanana manaraka ireto:

**1-Ho an'ny Mpikambana ao amin'ny Antoko TIM sy ny RMDM:**

Manainga antsika rehetra mba:

- Handray anjara feno eo anivon'ny CLRE na ny Vaomiera Ifotony Misahana ny fanisana ny Mpifidy
- Hanaramaso ny fomba fiasa eo anivon'izany CLRE izany mba tsy hisian'ny fanavakavahana na izay mety ho tsy fanarahan-dalàna hafa
- Hanaramaso ny Opération jugements supplétifs sy ny fanomezana Karampanondro
- Hanentana ny olona manan-jo hifidy rehetra hisoratra anarana ao anatin'ny Lisitrin'ny Mpifidy
- Hitaky ny fanaovana petadrindrina na famakiana eo anivon'ny Fivoriamben'ny Fokonolona ny Lisitrin'ny Mpifidy alohan'ny famaranana tanteraka
- Hanao sy hanentana ny olona rehetra hanao fanamarihana sy fitarainana raha mahita tsy fahatomombanana ao anatin'ny Lisitrin'ny Mpifidy (Doublon, Karampanondro mitovy laharana, Olona efa maty, tsy ampy taona, …) mialoha ny famaranana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy
- Handefa sy hampahafantatra ny aty amin'ny Foibe Bel air ireo tsy fanarahan-dalàna rehetra mety mitranga mandritra ny fanisana ny Mpifidy sy ny fandrafetana ny Lisitrin'ny Mpifidy vaovao ary ny fanomezana Karampanondro.

**2- Ho an'ny Tompon'andraikitra ny CENI isan'ambaratonga:**

- Mitaona anareo mba hanatontosa izao fanavaozana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy izao ao anatin'ny tsy fiandaniana sy ny mangarahara tanteraka ary ny ara-dalàna.
- Miantso anareo mba hamela malalaka ireo Solotenan'ny Antoko Politika eo anivon'ny CLRE hanao ny asany amin'ny fanaraha-maso ny fizotran'ny fanavaozana ny Lisitrin'ny Mpifidy

**3- Ho an'ny Tompon'andraikim-panjakana:**

Manainga ny Solotenam-panjakana rehetra mba tsy hanao teritery na tsindry ho an'ireo Tompon'andraikitry ny Fokontany na ny Distrika eo amin'ny fanatanterahana ny asan'izy ireo amin'izao fanavaozana ny Lisitrin'ny Mpifidy izao.

Mitaona ny Mpitondra Fanjakana mba hamela malalaka ny Antoko Politika hisitraka ny Zo omen'ny Lalàna azy sy hanao ny adidiny amin'ny fanentanana ny vahoaka amin'ny alalan'ny famoriam-bahoaka sy ny haino aman-jery

Eto am-pamaranana dia manainga ny Vahoaka rehetra mba handray andraikitra manoloana ny raharaham-pirenena tandrify azy ireo avy. Mbola mamerina ny antso avo ny amin'ny tokony hanaovana ny Fiaraha-midinika – **"Concertation nationale"** andraisan'ny rehetra anjara hanatsarana ireo Lalàna sy Rafitra hifehy ny Fifidianana izahay satria mbola hamafisinay fa tsy hahafahantsika hanatanteraka fifidianana madio sy hanome vokatra eken'ny rehetra raha ireo Lalàm-pifidianana misy ankehitriny ireo na dia hanana lisitry ny mpifidy madio sy feno ary isika.

Antananarivo, faha 01 Oktobra 2022

BIRAO NASIONALY Tiako i Madagasikara FANAMBARANA - FAMAHARANA

**Marc RAVALOMANANA**

